# 365 Tantara 72. John Wesley, ilay vain'afo



# 72. John Wesley, ilay vain'afo

Tamin'ny sasak'alina ny lanitra, dia nazavain'ny taratra matroky ny lela afo izay nandoro vetivety ny trano n'i pasitera Samuel Wesley. Teo amin'ny arabe ny olona nihikiaka hoe:
« Afo ê!, afo ê! »
Saingy, tao an-trano ny fianakavin'i pasitera dia natory fahizay,



mandra-pihanjera  tapa-javatra nirehitra, teo ambony ny farafaran'i Betty iray tamin'ny zanakavavy n'i pasitera Taitra tampoka ilay zaza ary nihazakazaka nankany amin'ny efitry ny rainy. Tsy afaka namonjy na inona na inona tamin'y afo fa dia akanjo-mandry no nentin'ny fianakaviana nivoaka ny trano tanaty hatsiaka mamanala. Ny mpitaiza, taitra nohon'ny antso-antso no namoaka haingana avy ao am-pandrinany an'i Charles Wesley, zandriny indrindra tamin'ny ankizy . Izy koa no nihantso ny sasany, ary nanantitrantitra ny hanarahany azy sy ny hidinany ny tohatra



Fa i John , izay vao dimy taona sy tapany kosa dia mbola natory foana. In-telo i Susan Wesley reniny, izay narary nihezaka nihakatra ny tohatra fa tsy afaka. In-droa ny rainy nanandrana , fa tsy afaka namakivaky ny afo. Nahatsapa ny fahatomoran'ny loza izy dia novo-riany teo an-jaridaina ny fianakaviany ary nandohalika izy rehetra nitalaho tamin'Andriamanitra ny hamonjeny an'i John izay voagadran'ny afo.



Nandritra ny fotoana nivavahan'ny fianakaviana tao an-jaridaina dia nifoha i John , rehefa avy nanandrana nidina ny tohatra ka tsy afaka, dia nihanika teo ambony vata izay teo anoloan'ny varavarakely izy ka tazan'ny iray tamin'ireo mpifanila trano taminy. Io no nihantso ny olona hifanao tohatra mba ahatongavana eo amin'ilay zaza.



Toy izany no nahafahan'i John tamin'ny fahafatesana tanaty trano nirehitra voahavotra fotoana vitsy monja alohan'ny nirodanan'ny tafo Ireo mpifanila trano mahasahisahy, izay namonjy azy, dia nitondra an'ilay zazalahy kely teo amin'i rainy:

« Manatona, ry namana, hoy Samuel Wesley sady noraisiny ny zanany Handao handoalika isika, hisaotra an'Andriamanitra! Namerina tamiko ny zanako valo Izy! Avelao ny trano hirehitra; ampy ahy ny harenako! Afaka faha efatra adiny, dia nanjavona avokoa, ny trano,ny boky,ny atonta taratasy  ary ny fanaka. Matetika rehefa miresaka ny momba ny tenany, i John Wesley, dia lazainy fa toy ny « vain'afo nendahina tamin' ny afo izy » Tahaka ny ao amin'ny bokin'i Zakaria toko faha 3 andininy faha 2.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa